# LOHAHEVITRA : M I T O M B O

ANDRIAMANITRA MITAIZA ANTSIKA

HIANATRA NY TENINY

Lioka 2.39-52

**Lioka 2:39-52**

***Ny niverenan' i Josefa sy Maria ary Jesosy nankany Nazareta, sy ny nitondrana an' i Jesosy niakatra tany Jerosalema, rehefa roa ambin' ny folo taona Izy***

39 Ary rehefa vitany ny zavatra rehetra araka ny lalàn' ny Tompo, dia niverina tany Galilia izy, dia tao Nazareta
tanànany. 40 Ary ny Zaza dia nitombo ka nihahery sady feno fahendrena; ary ny fahasoavan' Andriamanitra no
tao aminy.

41 Ary ny ray aman-dreniny nankany Jerosalema isan-taona, raha avy ny andro firavoravoana amin' ny Paska.
42 Ary rehefa roa ambin' ny folo taona Jesosy, dia niakatra izy ireo, araka ny fanao amin' ny andro firavoravoana.

43 Ary rehefa tapitra izany andro izany, ka nody izy, Jesosy zaza dia mbola nitoetra tany Jerosalema ihany, nefa
tsy fantatry ny ray aman-dreniny izany; 44 ary satria nataony fa niaraka tamin' ny niara-dia taminy Izy, dia
nandeha lalana indray andro izy vao nitady Azy tamin' ny havany sy ny olom-pantany.

45 Ary nony tsy nahita Azy izy, dia niverina ho any Jerosalema nitady Azy. 46 Ary rehefa afaka hateloana, dia
hitany teo an-kianjan' ny tempoly Izy nipetraka teo afovoan' ny mpampianatra ka nihaino sady nanontany azy.

47 Ary talanjona izay rehetra nandre Azy noho ny fahalalany sy ny famaliany. 48 Ary raha nahita Azy izy, dia
talanjona, ka hoy ny reniny taminy: Anaka, nahoana no nanao toy izany taminay Hianao? He! izato alahelon-drainao sy izaho nitady Anao! 49 Fa hoy Izy taminy: Nahoana no nitady Ahy hianareo? tsy fantatrareo va fa tsy
maintsy ho eto an-tranon' ny Raiko Aho? 50 Nefa tsy azon' ireo ny teny izay nolazainy taminy.

51 Ary niara-nidina taminy nankany Nazareta Izy ka nanoa azy. Ary ny reniny nitahiry izany teny rehetra izany tao
am-pony. 52 Ary Jesosy nitombo saina sy tena sady nandroso fitia tamin' Andriamanitra sy ny olona.



## 1°)Nitombo tamin'ny fahendrena i Jesoa zaza

*vakio Lioka 2.39-40*

Nentina tany amin'ny tempoly noforana sy natolotra ho an'Andriamanitra i Jesoa, rehefa vita izany dia niverina nankany Galilia, dia tao Nazareta i Jesoa sy ny ray amandreniny. Nitombo tena sy saina ary fahendrena i Jesoa.

-Taiza ny toerana nipetrahan'i Jesoa ?

- Nanao ahoana i Jesoa ?

***Vavaka*** : Tompo ô, ampitomboy amin'ny lafiny rehetra toa anao izahay. Misaotra Tompo ô, amin'ny anaranao Jesoa.Amen.

***Hira 452.3*** Zaza, tsy maharo tena, Fa miankina amin-dray. Tsy mahery, tsy mba hendry, Ary tsy mahay mandeha; :,: Hianao no Raiko tia, Raiko be fahari-po. :,:

*Feony misy tonony alaina ao amin'i* : YOUTUBE

*Ny tonony fotsiny na ny feony* : alaina eto na jerena ato amin'ny tahiry VOABOLANA ao @ http://mizara.fr/gasy )

## 2°) Niara-niakatra tamin'ny ray amandreniny tany Jerosalema i Jesoa

*vakio Lioka 2.41-42*

Fanaon'ny ray amandrenin'i Jesoa ny niakatra isan-taona any Jerosalema ho any amin'ny tempoly, nankalaza ny Paska. Rehefa feno roa ambin'ny folo taona i Jesoa dia nentiny niaraka tamin'izy ireo ho any Jerosalema ihany koa, hiara-mankalaza amin'izy ireo ny andro firavoravoana.

- Taiza no niakaran'ny ray aman-drenin'i Jesoa isan-taona ?

- Firy taona i Jesoa no niakatra tany Jerosalema ?

***Vavak***a : Jesoa ô, ataovy tia ny makany ampiangonana toa Anao izahay fa aza avela ho kamo. Misaotra Tompo ô, amin'ny anaranao Jesoa. Amena.

***Hira 793.1.*** Mba tsarovy re rankizy, Ao am-piangonana, :,:Tsy hatory, fa haniry Mba ho zaza maotina.:,:

*Feony misy tonony alaina ao amin'i* : YOUTUBE

## 3°) Jesoa nijanona tao amin'ny tempoly nianatra ny Tenin'Andriamanitra.

*Vakio Lioka 2.43-44*

Rehefa tapitra ny andro firavoravoana dia lasa nody ny olona, toy izany koa ny ray amandrenin'i Jesoa. Izy kosa dia mbola nijanona tao Jerosalema, ary tsy variana nirenireny akory fa nianatra ny Tenin'Andriamainytra tao amin'ny tempoly.

- Inona no nataon'i Jesoa rehefa lasa nody ny olona ?

- Inona no nataony tao Jerosalema ?

***Vavaka*** : Jesoa ô, ampianaro izahay ho tia mianatra ny Teninao toy izay nataonao. Misaotra Jesoa, amin'ny anaranao. Amena.

***Hira 21***2 - Velona sy mahery 1. Velona sy mahery, Ny Tenin'Andriamanitra Ka na dorana aza Dia tsy ho levona Ny Sekoly Alahady Dia mivelona aminy.

Alaina eto ny feony YOUTUBE

## 4°) Nitady an'i Jesoa ny ray aman-dreniny.

*Vakio Lioka 2.45-46*

Efa lasa lalana indray andro vao fantatry ny ray amandrenin'i Jesoa fa tsy niaraka tamin'ny havany sy ny olompantany niverina ho any an-tananany Izy. Lasa niverina nankany Jerosalema indray izy ireo ary tena sahirana tokoa nitady an'i Jesoa satria afaka telo andro vao hitany tao amin'ny Tempoly nianatra ny Tenin'Andriamanitra Izy.

- Lalana firy andro no vitan'ny ray aman drenin'i Jesoa vao niverina izy ireo ?

- Taiza no nahitany an'i Jesoa ?

***Vavaka*** : Jesoa ô, aza avela hanahy ny aminay ny ray amandreninay rehefa mankany ampiangonana izahay. Misaotra Jesoa, amin'ny anaranao. Amena.


***Hira 793.2 2.*** Tonga ao Jesosy Tompo, Ka mihaino vavaka; :,:Ny manatona hanompo Raisiny ho zanaka.:,:

Alaina eto ny feony : YOUTUBE

## 5°) Jesoa mitaiza antsika hianatra ny Tenin'Andriamanitra.

*Vakio Lioka 2.47-50*

Gaga tamin'ny fanontaniana sy ny fahalinan'i Jesoa tamin'ny Soratra Masina ny mpampianatra, ary na dia ny ray amandreniny aza dia gaga nahita azy tao amin'ny Tempoly fa tsy tany amin'ny toeran-kafa. Nazavain'i Jesoa tamin'ny ray amandreniny ny maha-zava dehibe ny nijanonany tao amin'ny tempoly nianatra ny Tenin'Andriamanitra. Nefa moa tsy azon'izy ireo izay nolazain'i Jesoa taminy.




- Iza no gaga tamin'ny fahaizan'i Jesoa Soratra Masina ?

- Nanao ahoana ny fandraisan'ny ray aman-dreniny ny tenin'i Jesoa ?

***Vavaka*** : Misaotra Jesoa ô amin'ny fitaizanao anay ho tia hianatra ny Soratra Masina toy izay nataonao, ataovy mazoto hatrany izahay. Amin'ny anaranao Jesoa. Amena.

***Hira 786.4*** Irinay mba hihombo Izay ianaranay, Ampio koa mba hitombo Ny saina anananay; Ho avy zato heny Ny voan'ny teninao, Hiely eran-tany Ny voninahitrao!

Alaina eto ny feony YOUTUBE

786 Ny teninao Jehovah Izay ianaranay (J. Haydn) Organ (rn ZIP°) Piano (en MP3)

## 6°) Mampitombo ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra.

*Vakio Lioka 2.51-52*

Niara-nidina tamin'ny ray amandreniny nankany Nazareta i Jesoa ary nanaja sy nankato ny ray aman-dreniny. Nahavariana fa ny renin'i Jesoa dia nitadidy ny teny rehetra nolazain'i Jesoa. Vokatry ny fianarany ny Tenin'Andriamanitra dia nitombo fahalalana tamin'ny zavatra rehetra i Jesoa. Nitombo saina, tena, fitiavana ny olona sy Andriamanitra i Jesoa.

- Inona no nataon'i Jesoa rehefa tonga tany Nazareta izy ?

- Inona no vokatry ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra ?

***Vavaka*** : Jesoa ô, misaotra amin'ny fitaizanao anay, ataovy mitombo amin'ny zavatra rehetra koa izahay noho ny fianaranay ny Teninao. Amin'ny anaranao Jesoa . Amena.

***Hira 210.5*** Ry Jesosy ô, Mpampianatray! Maminay ny teninao; Taomy izahay, mba hahaizanay Hankato ny didinao Iravoanay

Fiv :

(Feo voalohany) Iravoanay Fa harena be

(Feo faharoa) Soa tsy manam-paharoa Ny fitsipikao.

Alaina eto ny hira YOUTUBE

***Salamo 110 : 73 « Ampianaro aho, mba hianarako ny didinao »***